

# **ALAHADY FAHA 15 MANDAVANTAONA - A**



## ***NOKENDREN'ANDRIAMANITRA HISY VOKANY EO AMIN'NY FIAINANTSIIKA, NY TENINY***

Ry Kristianina havana, mandeha hatrany fiainana na dia eo aza ity areti-mendoza ity, na eo aza ity fahavalo tsy hita maso ity. Sahirana isika rehetra. Mitaky firaisan-kina bebe kokoa. Mitaky fifarimbonana na solidarité. Io ny fihavanana hiainana fa tsy resaka fotsiny. Tsy hoe mandeha anjambany isika amin'izany rehetra izany raha EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA MANORINA ETA KA ZARYTARANAKA MPANORINA, raha zary Kristy Mpriara-belona eo anivon'ny fiaraha-monina misy antsika ka tonga fahazavana sy fanasina fa eo ny Tenin'Andriamanitra manilo antsika, manilo ny fiainantsika, Izy no jiro maninteraka ny fiainantsika.

Io no lohahevi-dehibe niany androany Alahady faha-15 mandavantaona. Mandavan-taona handinhantsika sy handalinantsika ny finoantsika irosoantsika bebe kokoa amin'ny maha-Kristy mpriara-belona amin'olona antsika tsirairay fa indrindra miatrika izao fotoan-tsarotra izao.

Ahoana tokoa ny anjara toeran'ny Tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika? Matetika no naverimberina nandritra izao fihibohana izao, izao confinement izao fa tsy maintsy mivelona ny maha-eglisy kely ny fianakaviana ka hametraka amin'ny tena toerana ny Tenin'Andriamanitra. Tsara raha samy manana Baiboly ny eglisy kely ka rehefa mivavaka dia velarina eo akaikin'ny sarin'I Masina Maria ny Baiboly.. Manantitrantitra io hafatra io ny vakiteny aroson'ny Eglisy amin'izao Alahady faha-15 izao. Hanampy antsika hiroso bebe kokoa amin'ny fandraisana ny Tenin'Andriamanitra hanilo ny fiainantsika miatrika izao fahavalo tsy hita maso izao. Tsara ny manamarika fa tamin'ny vahoakan'Andriamanitra babo tany Babilona rava ny Tempoly izany hoe ny toerana ivavahana sy noheverina noho izany ihaonana amin'Andriamanitra dia Tenin'Andriamanitra voatahiry anaty horonan-tsortra no vakiana ary nanampy ny vahoaka hiakatra izay fahababoana izay. Mihiboka koa isika izao ka aoka ny fianakaviana kely hametraka tsara ny Tenin'Andriamanitra

ho fanilo mitarika antsika. Marina efa misokatra ny eglizy trano fa ny fiainana mihiboka noho ny Coronavirus ka aoka isika tsy ho variana ary indrindra ho voan'ny fakam-panahy.

Ny vakiteny voalohany ao amin'Izaia mpaminany no milaza fa "Ny ranonorana aman'oram-panala milatsaka avy any an-danitra tsy miverina any, raha tsy efa mahavonto sy mahalonaka ny tany, sy mampaniry ny zavatra mitsiry avy aminy, ka mampahazo voa famafy ny mpamafy, ary hanina ho an'ny mpihinana; toy izany ny teniko izay aloaky ny vavako ; tsy miverina amiko foana izy, fa mahatanteka izay tiako, sy mahatontosa izay namoahako azy."

Ry Kristianina havana matetika averintsika fa ny finoana dia tsy tany malemy anorenam-pangady fa tany lonaka iasan'ny fahasoavan'Andriamanitra ka mampamokatra azy. Io indrindra no lohahevitra tian'ny Eglizy ho tsapantsika amin'izao Alahady faha-15 izao ka entintsika iainana mandritra ny herinandro. Mibaribary izany ao amin'ny fanoharana ao amin'ny Evanjely izay fanoharana entin'i Jesoa manambara ny anjara toeran'ny fanjakan'ny lanitra eo amin'ny fiainantsika izay mahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona.

Fanoharana amin'ny voa nafafy no ataon'i Kristy androany. Fantantsika tsara fa amin'ny alalan'ny fanoharana matetika no ampianaran'i Jesoa, inona àry no antony anaovany fanoharana ?

I Kristy dia tena mpiara-belona tamin'ny olona tokoa satria ny fiainana andavanandro, ny zavatra iainan'ny olona andavanandro no ataony fanoharana ka nampianarany an'ireo vahoaka. Ambarany amintsika ny anton'ny anaovany ny fanoharana : " *Satria ianareo no nomena hahalala ny zavamiafina amin'ny Fanjakan'ny lanitra fa izy ireo tsy mba nomena izany. Fa izay manana dia homena ka hanam-be izy, ary izay tsy manana kosa, na dia izay ananany aza dia hoesorina aminy*"

Raha mahatsikaritra isika dia manazava amintsika ireny fanoharana ireny i Jesoa satria tiany ny hampibebaka antsika tahaka ireo nihaino azy izay nahalala tsara ny hevit'ireo fanoharana ireo.

Androany Alahady faha-15 dia fanoharana mikasika ny mpamafy izay nirahina hamafy ka nisy nafafy teny amoron-dàlana, nisy nafafy tamin'ny tany be vato, nisy nafafy tamin'ny tany anaty tsilo ary nisy nafafy tamin'ny tany lonaka. Ny teny amoron-dàlana nalaky nitsiry nefo tsy naharitra, matetika isika faly nandray nefo mandeha ho azy ny fiainana, tsy misy "entretien" ny finoana. Koa aoka àry mba ho hararaotintsika izao fotoana handalinantsika ny finoana izao mba tsy ho azon'ilay ratsy isika satria maro loatra ny mpanararaotra amin'izao fotoana izao izay mitarika antsika etsy sy eroa. Misy Kristy

Vakiteny I : Iz. 55, 10-11

Tononkira : Salamo 64

Vakiteny II : Rôm. 8, 18-23

Evanjely : Mt. 13, 1-23

piraty amin'izao fotoana iainantsika izao ka mila mitandrina fa indrindra isika tanora, mora voasarika tratry ny modèle piraté hoy isika. Matetika very "repère" ka manaraka "repère" tsy izy. Izany indrindra no ampirisihana antsika hiditra fikambanana masina na firohotana sy vaomiera ary indrindra—vaomieran'asa mba tsy ho very isika fa

hampamokatra ny voa nafafy tamintsika tamin'ny alalan'ny katesizy. Halalino tsara ny finoantsika satria izany no antony anaovantsika ny fandalinam-pinoana mba tsy ho eny amoron-dàlana fotsiny ny Tenin'Andriamanitra fa ho latsa-paka amin'ny fiainantsika. Maro ireo miroso amin'ny komonio voalohany sy konfirmasio koa aoka mba tsy ho amoron-dàlana na amin'ny zavatra ety ivelany na koa amin'ny tany be vato no mirotsaka ireny fahasoavana nomen'Andriamanitra ireny, ary mba tsy ho amin'ny tany be tsilo izany hoe ao anatin'ny rendrarendra fa kosa mba ho amin'ny toerana lonaka. Izany hoe ao anatin'ny finoana no hiasan'ireny fahasoavana sy fandalinam-pinoana ataontsika ireny

ka hanampy antsika hiaina tanteraka ny maha-Kristianina, tahaka ny hamafisin'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa : *na dia eo aza ny fahoriania, na dia eo aza ireny voninahitra atolotrizao tontolo izao, fakofako ireny raha eo anatrehan'ny fahasoaavan'Andriamanitra, na dia misy sedra aza, aoka tsy ho kivy na ho ketraka isika amin'ireny zava-misy amin'ny fiainantsika ireny fa tsy maintsy miroso isika.*

Izany no anasako anareo tanora tsy ho variana tratr'izao Coronavirus fa hiverina amin'ny fikambanana sy firohotana ary vaomiera. Ataoko fa tsy misy olona tsy tia hampamokatra ny fiainany. Tandremo vokatr'inona no irintsika? Vokatry araka ny lojikan'izao tontolo izao ka mitondra antsika any an-kady ve mandrakizay ? Sa vokatra maharitra mandrakizay? Isika no misafidy ary izao fandinhina ny zava-misy aterak'izao Coronavirus izao manampy antsika fa mila repère mafy orina dia ny soatoavina kristianina izany hoe I Kristy. Tsy foto-kevitra izany no arahintsika. Tsy zavatra toa ny harena na vola fa Olona izay nahafoy ny aina ho antsika. Izy no Tenin'Andriamanitra tsy manao kobaka am-bavaka fa tena repère azo antoka satria nahafoy ny ainy tsy misy tambina na takalo. Izy no mamafy ao am-pontsika. Enga anie tsy "encombré"n'ny vato na ny tsilo (avonavona, fitiavantena, fialonana, rendrarendra....) ny fontsika fa tany lonaka ka hamokatra fiaianana maharitra mandrakizay mitondra amin'ny hafaliana ary hafaliana maharitra fa tsy hafaliana mandalo fotsiny..

Izany famokarana izany dia manomboka eto an-tany, tany izay araky ny fantantsika tranobe iombonana, nefo nosimbaintsika ka mitady tsy hamokatra intsony, lasa tsizarizary sy mihapotika ny fiainantsika. Kola potika ny zavaboary tsy misy kakazo intsony ny bongo rehetra. Mila fiovam-penitra mahery vaika isika raha tiantsika hamokatra izao tany izao. Arovy sy kolokoloy. Isika izao tokoa no Mpamafy ka tandremo tsy amin'ny vato na amin'ny be tsilo fa hijinja ny vokatra isika. Anio ny ho avy fa tsy rahampitso.

Torak'izany koa eo anivon'ny fiaraha-monina amin'ny tontolom-piaianana misy antsika andavanandro. Raha tiantsika tsy ho karankaina anjakan'ny coronavirus ny tontolom-piaianantsika, ny fiaraha-monina misy antsika, raha te hampamokatra ny fiainantsika isika dia aoka hapetratsika eo anivontsika i Kristy, hapetratsika eo anivon'ny fiainantsika ny Tenin'Andriamanitra izay tsy iza fa i Kristy. Amin'izay dia afaka hiroso lalindalina tokoa isika ary ny herin'ny Tenin'Andriamanitra hanova ny fiainantsika ka ho zary tany lonaka tokoa ny fiainantsika hamokatra telopolo heny, hamokatra zato heny. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson